FEPETRA RAISIN'NY FITONDRANA

Efa misy vahoaka voa mafy hatrany vao misy fananamboarana atao

Fitondrana tsy mahay miasa mihitsy ity fitondrana misy ankehitriny ity. Miseho mandrakariva izany indrindra rehefa nandray fepetra tao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. Efa niseho io toe-javatra io aloha, tamin'ny hetsika nataon'ny Miara-manonja, toy ilay nankeny Imerinkasinina nanao fitsangatsanganana. Niaraha-nahita ny fihetsiky ny mpitandro filaminana tamin'ny fisakanana ireo fiarabe natao hitondra ireo mpitsangatsangana. Teo ihany koa izay tena nanorisory ny hafa ny fanapahan-dalana, sy ny niteraka fitohanana lehibe nanodidina teny Tanjombato tamin'iny fotoana iny. Niseho indray taorian'izany ny zava-nitranga tamin'ny fotoana saika hanaovan'ireo depiote Tim tatitra teny Ambohijatovo. Hasorenana tsy nisy toy izany ny an'ny olom-pirenena maro tamin'ny fanapahana làlana tampotampoka tsy nisy fampiomanana mialoha ny fotoana, izay very fotoana no very fihariana sy vola noho ny tsy maintsy fihodinan'ny fiara taxibe nandehanana. Nahoana izany no tsy vita mialoha ny filazana kanefa efa andro maro no nilazan'ireo nikasa hanao taitra fa ho eny izy ireo no hanao izany? Ny farany teo indray, vao andro maromaro lasa izay, raha hiditra amin'ny fihibohana indray, ka notapahina ny làlana hiditra eo afovoan-tanàna amin'ny araben'ny fahaleovantena sy ny Analakely iny. Fitohanana tsy nisy toy izany no nitranga, satria tsy nampiomanina mialoha ny vahoaka. Nahoana izany no tsy hay mialoha ny nanao filazana tamin'ny haino aman-jery? Voa mafy ny ankamaroan'ny olona nikasa handalo teny. Fatiantoka ho azy ireo izany.

Nisy koa fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondrana tamin'ny namaritana ireo toeram-pivarotana tsy mahazo misokatra ny andro sabotsy sy alahady. Tsy voalanjalanja anefa ny fampiharana nataon'ny mpitandro filaminana, hany ka nosamborina hatramin'ny mpivarotra saribao maro izay tena ilain'ny sarambaem-bahoaka teo amin'ny fiainany andavanandro. Voa mafy ny vahoaka, toy izay koa ireo mpivarotra. Efa ho herinandro aty aoriana vao mody mahatsapa ny tsy fetezan'ny fepetra noraisina ny préfet, nefa jeneraly, vao mody nilaza fa hiresaka amin'ireo mpampihàtra ny fepetra. Efa tara, efa nisy fahavoazan'ny vahoaka izany. Santionany ihany ireo, fa tranga maro no ahitana izany. Dia toy izany hatrany ny fomba fitantanana ny firenena, efa misy fahavoazam-bahoaka vao mody manova sy manalefaka fepetra, fa tsy afaka handinika ny ho fiantraikan'izany mialoha. Efa tsy fotoanan'ny kitsapatsapa intsony izao.

Sôh'son

1 mey

Fantaro ny tantaran'ny andron'ny mpiasa maneran-tany

Mankalaza isan-taona ny 1 Mey isika Malagasy, izay marihina, fa tsy fetin' ny mpiasa akory fa andro iraisampirenena natokana ho an'ny mpiasa, ary mankalaza azy avokoa ny firenen-drehetra, izay no maha iraisampirenena azy. Marihina ihany koa fa hetsika sendikaly no fanao rehefa 1 Mey fa tsy hetsika politika .

Ny tantara nampisy ny 1 Mey

Tany Eoropa sy Etazonia dia nanomboka 1 Mey ary mifarana 30 Aprily ny taona manaraka ny "année fiscale ", na taona fandoavan-ketra, ny 1Mey izany dia taombaovao eo amin'ny lafiny ara-barotra, fotoana fifampidinihana.

Nisy ny hetsika nataon' ireo mpiasa tany Etazonia ny 1Mey tamin'ny 1886 nitaky ny famerana ho 8 ora isan'andro ny fotoampiasana, izay mitambatra ho 40 ora isankerinandro , niteraka fifandonana sy famoizana aina io hetsika io.

Nanomboka teo dia nifanaraka ireo mpiasa, fa atao ho andron'ny mpiasa ny 1 Mey , nivoatra araka ny vanim-potoana ny fomba nanamarihana ny 1Mey, izay tsy ivalamparana etoana, fa ny azo ambara dia voatana ny hevi-dehiben'ny 1 Mey dia ny maha-hetsika sendikaly azy, fa tsy hetsika politika, hadisoana bevava izany ny teto amintsika tamin'ny Repoblika faharoa, izay nahitana ny filaharamben'ireo mitonona ho sendika, izay niankina tanteraka tamin'ny antoko politika toy ny Serema (Arema), ny Kdtm (Akfm Kdrsm), ny Tolon'ny mpikarama (Mfm), ny Sempimito (Monima), ireo sendika tsy niankina tamin'ny antoko toy ny Smm sy ny Seces dia nandefindefitra toy ny tsy misy

Ny andraikitry ny Sendika

Sehatra natao ifanakalozankevitra sy itondrana ny hetahetan'ny mpiasa ny Sendika, ka zava-droa loha lehibe no fototry ny adihevitra ao amin'ny sendika dia ny valin-kasasarana sy ny fotoam-piasana ary ny mpiasa sy ny mpampiasa no miady hevitra amin'izany .

Ny Valin-kasasarana

Ankoatra ny karama izay raisina isam-bolana, na isan'andro na isan-kerinandro arak'izay fifanarahana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany dia mbola tafiditra ao anatin'ny ady hevitra ny tambin-karama amin'ny endriny samihafa, ny volanjaza, ny hofantrano, ny saram-pivezivezena, ny sarampiantsoana, sns...

Misy karazany roa kosa ny fotoam-piasana dia ny ora fiasana sy ny ora tsy iasana.

Ny ora fiasana dia izay voasoratra amin'ny fifanarahana na " contrat de travail", sy ny ora fanampiny ankoatran'ny ora mahazatra.

Ny ora tsy iasana indray dia ao ny fialantsasatra isan-taona, ny fotoana tsy iasana toy ny " congé de maternité ", ny congé de paternité, ny repos medical, ny covalescence, ny évenement familial, sns… ireo voalaza rehetra ireo dia zo tokony hositrahan' ny mpiasa amin'ny aradalàna .

Tamin'ny fotoan-tsarotra toy ny tamin'ny ady lehibe roa, (1914-1918) sy (1939-1945)dia tsy afa nihodina araka ny tokony ho izy ny ankabeazan'ireo sehatrasa samihafa tany ivelany, ka nisy indray ny nantsoina hoe" allocation chômage", sy ny fanampiana ny mpiasa tamin'ny endriny samihafa, tsy ny mpiasa ihany fa nahazo ny sahaza azy ihany koa ireo orinasa mpampiasa, izany dia voafaritra amin' ny "code de prévoyance sociale" .

Amin'izao fotoana izao dia mitovy tsy misy hafa ny tamin'ny ady lehibe roa ny zavamisy, satria maro ireo asa tsy afa-mihodina noho ny aretina koronaviriosy any ivelany hatraty amintsika, mandray ny andraikiny amin'ny fitsinjovana ny mpiasa sy ny orinasa ny mpitondra isampirenena, fa ny eto amintsika , tsy hita izay fitsinjovana ny mpiasa sy ny mpampiasa .

Tsy mahazo fanampiana ny mpitatitra, mpampianatra avy amin'ny sekoly tsy miankina, ny mpivarotra tsy maintsy mikatona tsy voajery, ary ireo orinasa tsy afa- mihodina tsy mba nomena fanalefahana ara-ketra, fa dia fanemoram-potoana fandoavana no mba natolotry ny fitondrana, ny mampalahelo aza ireo mpivarotra madinika dia lasan'ny mpitandro filaminana ny entany, kanefa dia iaraha-mahalala fa nisy ny vola fanampiana avy any ivelany natao itsinjovana ny mpiasa sy ny orinasa malagasy.

Ka raha tonga ny 1 Mey tamin'ny herinandro lasa teo dia fotoana tokony ho fieritreretana ho an'ny mpitondra hamakafaka ny tantaran'ny 1 Mey ary ny mpiasa dia tokony hijoro hatramin'ny farany hitaky ny zo tokony ho sitrahany any amin'ny mpitondra, satria izy ireo no mpandoabary nitantana ny vatsy avy any ivelany.

Tsy hetsika politika no ilazana na dia any amin'ny mpitondra aza no atao ny fitakiana , fa mbola tafiditra ao anatin'ny hetsika sendikaly ihany, satria ny mpiasa sy ny mpampiasa no samy kenda, ka mila fanavotana miaraka.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Asa fanaovan-gazety

Mbola tery ny lalana ho amin'ny fahalalahana

Fotoana iray nialan'ny lamba iray natao nanafinafenana ny endrika marina amin'izao fitondrana izao ny resaka nifanatrehan'ny filohan'ny Repoblika, niaraka tamin'ireo minisitra vitsivitsy sy ireo mpanao gazety vitsivitsy, nosinganina ny alahady alina teo tamin'ny haino aman-jerim-panjakana. Tao anatin'izany no nahitana indray ny refy sy ny lanjan'ny fitondrana ahafahany mitantana ny firenena. Avy amin'ny fomba fiteny sy fihetsik'izy ireo tamin'ny famaliana ny fanontaniana nipetraka no nahatarafina izany tsara. Anisan'ny nahavariana sy nampikentrona ny olom-pirenena maro ny fahitana ny tsy firafetana mazava tsara, sy tsy fanajàna ny rafitra an-tanan-tohatra eo amin'ny fahefana mpanatanteraka. Inona intsony moa no ilazana izao fitondrana izao raha izany no zava-misy ? Fanjakan'i Baroa môderin'ny taonjato faha-21? Mbola mitoetra mandraka ankehitriny mantsy ny "mpisehatra fototra" tamin'ny andro fahagola nisehon'izany, dia ny fisian'ny tandapa niseho ho tompom-pahefana voalohany teo amin'ny tany sy fanjakana, ary nanjakazaka sy nangoron-karena teo anivon'ny fiarahamonina...

Ity fitondrana Rajoelina ity, dia mpizahozaho sy miseho ho fara tampom-pahaizana noho ny hafa amin'ny fitantanam-pirenena hatramin'ny vao nipetrahany teo amin'ny seza. Maro no voafitaka tamin'izany, indrindra mazava loatra ireo ampahana vahoaka mpanindrahindra sy mpisolelaka azy, noho ny zavajavatra kely natoraka azy tamin'ny fampielezan-kevitra. Ireo ilay efa voafitaka ihany koa tamin'ny fotoana nanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009. Moa tsy efa ho tokony ho tonga saina ve amin'izao fotoana izao? Fa firy amin'ny fampanantenana nataony no tanteraka? Ny delestazy nanakianana mafy ny filoha teo aloha, ka nidedahana fa ho voavahany ao anaty fotoana fohy aza rehefa tonga eo amin'ny fitondrana izy sy ny mpiara-dia aminy, mandraka ankehitriny mbola mitohy isan'andro izao, ary manakorontana ny fiainam-bahoaka. Ary ny azy ireo ankehitriny aza tena namoa-doza, satria namoizana ain'olona mihitsy tany amin'ny toeram-pitsaboana…

Niezaka nanadio ny lambany tamin'iny alahady alina iny, sy indrindra omaly alatsinainy 03 Mey, izay andro iraisam-pirenena amin'ny fahalalahana amin'ny asa fanaovan-gazety. Niseho ny minisitry ny serasera ho tena izy no voalohany amin'ny tomponandraikitra mandala marina fahalalahana amin'ny asa fanaovan-gazety eto amin'ity firenena ity tao anaty fanazavany na lahateniny. Fa tena marina ve izany? Maro ny mpanao gazety eto no mahita tsara ny fanavakavahana mpanao gazety amina zavatra tanterahin'ny fitondrana, misy ny voailika tsy antsoina hanatrika izany. Mbola mitoetra, ny tsy fahazoana vaovao marina raha manadihady any anivon'ny minisitera sy andrim-panjakana samihafa any, indrindra raha mpanao gazety tsy anaty ekipa mpisolelaka fitondrana. Tery ny làlana, izany hoe tery ny fahalalahana amin'ny fanaovana ny asa. Misy ny mpanao gazety atao anjorom-bala amin'ny sehatra maro samihafa, satria tsy ekipa, sns... Ary ny tsikaritra tamin'ireo nanjo ny mpanao gazety nogadrain'izao fitondrana izao, dia niniana nikimpiana ny maha mpanao gazety, fa ny lalàna hafa ahafahana manenjika sy miampanga no ezahina karohina sy dradraina ary ampiharina. Mbola mampanahy aza ny teny nambara tamin'iny andro iny momba ny filazana ireo mpanao gazety manakiana ny fomba fitantanam-pirenena…

Mbola sarotra ny làlana eto amin'ny firenena amin'ny asa fanaovan-gazety. Ny "lamba noezahina nodiovina", tsy ho afa-doto raha mbola tsy miova tanteraka ny fomba fisainana sy ny fomba fiasan'izao fitondrana izao amin'ny fitantanana ny firenena; ary ny fiainam-bahoaka tsy hisy fihatsaràny.

Sôh'son